Miverena mivavaka ianao, satria tsy mba nivavaka”

Tatitra azo avy tamin'i Abo horaira (R.A) niteny : Niditra tao amin'ny moske ny irak'Allah, ary nisy lehilahy iray niditra sy nivavaka ary niarahaba an'ny Mpaminany (S.A.W), ka namaly izy ary niteny manao hoe : «Miverena mivavaka ianao, satria tsy mba nivavaka”, Dia niverina nivavaka tahaky ny nataony teo aloha ary nanatona an'ny Mpaminany (S.A.W) sady niarahaba azy. Dia hoy i Mpaminany (S.A.W) : "Miverena mivavaka ianao fa tsy mbola nivavaka mihitsy", naveriny in-telo. Dia hoy izy : Mianiana amin’Ilay naniraka anao amin’ny fahamarinana aho ry Irak'Allah, fa tsy mahay tsara noho iny aho, koa ampianaro", dia hoy i Mpaminany (S.A.W) hoe : “Rehefa mitsangana hivavaka ianao dia mitenena Allah Akbar, avy eo mamakia izay vitanao amin'ny andininy masina Coran, avy eo mihondreha tsara ianao mandra-pahatonianao eo am-pihondrehana, dia mitsangana ianao mandra-pijoroanao mahitsy tsara, ary miankohofa mandra-pahatonianao eo am-piankohofana, dia miharena ianao mandra-pahitanao fa tafapetraka tsara ianao, Ary ataovy izany amin’ny vavaka rehetra ataonareo.”

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Niditra tao amin'ny moske ny Mpaminany (S.A.W) ary avy eo dia nisy lehilahy iray niditra ka nivavaka roa rakaat amin'ny haingana be, tsy nahavita tsara ny fijoroany sy ny fihondrehany ary ny fiankohofany, nijery azy nandritra ny fivavahany i Mpaminany (S.A.W) izay nipetraka teny an-joron'ny moske, ka tonga tany amin'ny Mpaminany izy ary niarahaba azy, namaly ny fiarahabany i Mpaminany (S.A.W) ary niteny manao hoe : Miverena ary avereno ny vavakao. Satria tsy mbola nivavaka ianao teo. Dia niverina nivavaka faingana toy ny nivavahany teo aloha ihany izy, avy eo dia tonga niarahaba ny Mpaminany (S.A.W), dia hoy i Mpaminany (S.A.W) taminy hoe : Miverena ary avereno ny vavakao. Satria tsy mbola nivavaka ianao, naveriny in-telo izany. Hoy ilay lehilahy : Mianiana amin'Ilay naniraka anao tamin'ny fahamarinana aho, tsy mahay tsara mihoatry ny nataoko teo aho ka mba ampianaro. Teo dia niteny i Mpaminany (S.A.W) hoe : Rehefa mitsangana hivavaka ianao dia manaova takbir al-Ihram, avy eo mamakia ny Renin'ny CORAN (Sourat Al-Fatiha) sy izay vitanao vakina, dia mihondreha mandra-pahatonianao hoe tena nihondrika amin'ny fametrahana ny felatanao eo amin'ny lohalinao ary manitatra ny lamosinao ary afaka mihondrika tsara, dia atsangano sy ahitsio ny vatanao mandra-piverin'ny taolana amin'ny tonon-taolana ary mijoro mahitsy ianao, dia miankohoka mandra-pahatony amin'ny fiankohofana amin'ny orona, tànana, lohalika ary tendrony amin'ny rantsan-tongotra amin'ny tany, dia mitsangana mandra-pipetrakao eo anelanelan'ny fiankohofana roa, dia ataovy izany isaky ny rakaat amin'ny vavakao.